

ERICK MANANA SY JENNY **Niitatra adiny efatra ny seho**

Raha adiny roa mahery no naminavinana ny faharetan'ny fampisehoana notontosain'i Erick Manana sy Jenny tetsy amin'ny Ccesca Antanimena, nanjary adiny efatra izany rehefa notontosaina tokoa ilay seho. Marobe ireo fangatahan'ny mpijery ny hamerenana ny hira vao nokaloina teo aloha. Tsy tongatonga ho azy anefa izany fa noho ny fizotry ny seho hatrany am-boalohany mihitsy. Anisan'ireny ny fironana: bebe kokoa tany amin'ny

«gasigasy» somary mihetsiketsika teo amin'ireo hira natolot' izy ireo. Gadona nanomezana vahana ny zavamananana: tsotra toy ny lango-raona, amponga, sodina, valiha, gitara, sns. Nanakoako sy nampientana ry «*Andao raha sahy*», «*Jacqueline mama*», sns. Tsy nampoizin'ny mpijery ny haheno an'i Jenny hihira amin'ny teny malagasy. Na vao tapa-bolana aza no nampianaran'i Bariliva valiha an'i Jenny efa nitendry hira iray sahady izy ny asabotsy teo.

Namarana ny seho koa ny fihirana ny hiran'i Lôlo sy ny tariny izay nataon'i Bebey. Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa tazana nitendry kabôsy ihany koa i Erick Manana.

Fantatra fa hanatanteraka ny rakikira «*2Cv Randria*» ihany koa i Erick Manana sy Jenny ary ireo ekipa miaraka aminy (Colbert, Nini, Bariliva, Solofobota, Donné Randria Ernest, Sata, Titi).

HaRy Razafindrakoto



Atolotra an-dRakoto Frah ny seho rehetra tontosain'i Erick Manana sy Jenny amin'ity fitetezam-paritra ity.